

**LOI n° 97-026
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE POUR 1997**

EXPOSE DES MOTIFS

Le processus d'ajustement structurel s'est développé au cours de l'année 1996 et est poursuivi en 1997 avec l'exécution des mesures de réformes macro-économiques et sectorielles. Les progrès réalisés dans différents domaines ont conduit en octobre 1996 à l'approbation par le Conseil d'Administration du F.M.I. et en Mars 1997 par celui de la Banque Mondiale des options économiques fondamentales du Gouvernement axées sur la libéralisation de l'économie, la séparation du rôle, de la fonction de l'Etat et du secteur privé, la privatisation des entreprises publiques, le développement du secteur privé et l'ouverture vers l'extérieur.

Un appui financier conséquent a été accordé par ces deux Bailleurs traditionnels : la Facilité d'Ajustement Structurel Renforcé (FASR) pour le F.M.I., et le Crédit d'Ajustement Structurel (CAS) pour la Banque Mondiale. La communauté financière internationale a elle aussi apporté son soutien au programme sous forme d'aides à la balance des paiements, de Madagascar avec les institutions de Bretton-Woods. Ce financement s'élève à 974,4 milliards de FMG.

Tel est l'objet de la présente loi.

TOVANA AMIN'NY LALANA LAHARANA FAHA-97-026

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY LALANA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 1997**

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

LALANA LAHARANA FAHA-97-026
FANITSIANA NY TETIBOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 1997.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Nitohy tsy ankiato nandritra ny taona 1996 ny fanarenana ara-drafitra ary tsapa tamin'ity taona 1997 ity ny fitohizan'izany asa izany, avy amin'ny alalan'ny fampiharana ireo fepetra fanavaozana ao amin'ny lafiny toekarena faobe sy ny rafi-pamokarana. Ny fivoarana tsapa teo amin'ireo lafin'asa ireo no nahatonga ny filan-kevity ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (F.M.I.) tamin'ny volana oktobra 1996 sy ny Banky Iraisam-pirenena (Banque Mondiale) tamin'ny volana Marsa 1997 hankato ireo safidy toekarena fototra noraisin'ny Governemanta izay miompana amin'ny fanalalahana ny toekarena, ny fanasarohana mazava tsara ny anjara andraikity ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny fisokafana amin'ny fifandraisana any ivelany.

Araka izany dia nisy fanampiana ara-bola mafonja nomen'ireo mpamatsy vola roa lehibe mahazatra antsika ireo : tsy inona ireo fa ny fanamorana isankarazany momba ny fanarenana ara-drafitra noatevenina (Facilité d'Ajustement Structurel Renforcé) avy tamin'ny F.M.I. ary ny famatsiana vola ny fanarenana ara-drafitra (Crédit d'Ajustement Structurel) avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny vola hafa koa dia nitondra ny anjara birikiny tao anatin'io programa io tamin'ny alalan'ny fanampiana ho amin'ny mizanan'ny fanefana, fanamboarana na ny famatsiana indray ny fomba anefana ny trova, indraindray aza dia tamin'ny alalan'ny fanafoanana mihitsy ny ampanan'ny trosantsika. Mikasika izany indrindra, tao anatin'ny Club de Paris no nahazoan'i Madagasikara fanafoanana ny trova nahatratra hatramin'ny 67% ary fanamboarana hatramin'ny 100% mikasika ireo trova tsy maintsy aloa satriaefa tonga amin'ny fe-potoana hanefana izany,

izany hoe ireo trosa manelanelana ny 01 janoary 1997 sy ny 30 Novambra 1999. Ny fepetra momba izany fanamboarana izany, izany hoe ny zana-bola tokony efaina,

D- NY KAONTY MANOKANA TANTANAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Noraisina ao anatin'ny vinavinan-dalàna fanovana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 1997 ny famerana amin'ny fanjakana ireo vola vary mangatsiaka ivelan'ny hetra izay tokony hampidirina amin'ity taona 1997 ity araka ny drafitra efa napetraka.

E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Niova ny fitsinjaran'ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany satria nihena ny mari-bola novinavinaina ho voaray avy amin'ny Stabex ary hisy ny vola ho azo avy amin'ny famarotana vary 5000 T omen'ny Sinoa. Nampitomboina ny fandaniana ho fampandehanana avy amin'ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany. Marihina fa 11.1 Lavitriza FMG dia natokana amin'ny ady amin'ny valala ary 2.6 Lavitriza FMG kosa ho fanarenana ny simba vokatry ny rivodoza.

F- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ao anatin'ity Lalàna fanovana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 1997 ity dia voafaritra tsara ireo mpamatsy vola sy ny vola hoentiny ho fanampiana manokana an'i Madagasikara amin'ny fandaharan'asa fanitsiana ara-drafitra miaraka amin'ireo mpamatsy vola ao amin'ny Bretton-Woods. Io fanampiana manokana io dia mitentina 974,4 Lavitriza FMG.

Toy izany sy izany ny antonanton'izao lalàna izao.

LOI n° 97-026

**PORTANT LOI RECTIFICATIVE
A LA LOI DE FINANCES
POUR 1997**

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**LOI n° 97-026
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE POUR 1997**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 1er août 1997 la loi dont la teneur suit :

I. DISPOSITIONS FISCALES

ARTICLE PREMIER

Les dispositions du Code Général des Impôts sont modifiées et complétées comme suit :

III. DISPOSITIONS SPECIALES

ARTICLE 18

En vue de la réalisation des divers projets de développement, le Gouvernement est autorisé à emprunter auprès des diverses sources de financement intérieur et extérieur à concurrence de **1.500.000.000.000 FMG.**

ARTICLE 19

Est approuvé le Programme d'Investissements Publics 1997-2000 (tranche 1997), annexé à la présente loi.

ARTICLE 20

La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 01 août 1997.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,
LE SECRETAIRE,

ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*

LALANA LAHARANA FAHA-97-026

*MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY LALANA
MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 1997*

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**LALANA LAHARANA FAHA-97-026
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-
PANJAKANA AMIN'NY TAONA 1997.**

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny 01 aogositra 1997 izao lalàna manaraka izao :

I - FEPETRA MIKASIIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Ovana sy fenoina toy izao manaraka izao ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra :

III. FEPETRA MANOKANA

Andininy faha-18

Mba ho fanatontosana ireo vinavinan'asa ho fampandrosoana, dia omen-dàlana ny Governemanta hisambo-bola eo amin'ny loharanom-pamatsiana eto an-toerana sy avy any ivelany hatramin'ny **1.500.000.000.000 Iraimbilanja**.

Andininy faha-19

Ankatoavina ny Fandaharan'Asam-pamokaram-Panjakana mandritra ny fe-potoana 1997-2000 (ampahany 1997), atovana amin'ity Lalàna ity.

Andininy faha-20

Havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 01 aogositra 1997

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIAMANJATO *Richard Mahitsison*

